


Manolotra ny tenantsika ho an'Andriamanitra

Ny rantsambatako, dia ny faritry ny vatako, dia fitaovam-pahamarinana, natolotra an'Andriamanitra ho amin'ny fanompoana Azy sy ho voninahiny.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Azo fintinina amin'ny teny iray ny vahaolan'Andriamanitra ny amin’ny toetra taloha: dia famonoana. Ny famonoana dia naka ny toeran’ny hazo fijaliana, rehefa maty Jesosy ary niara-nohomboana Taminy ilay isika taloha. Ahoana no ampiharantsika ny vahaolan’Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika?

> "Koa aza avela ny ota hanjaka amin’ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filany; ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin’ny ota ho fiadian’ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an’Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian’ny fahamarinana ho an’Andriamanitra. Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin’ny lalàna hianareo, fa ambanin’ny fahasoavana. (Romana 6:12–14)

Ny toromarika nomen'i Paoly dia azo arahina irery ihany hoan’ireo izay nametraka ny finoany an’i Jesosy sy nanaiky ho sorona Hisoloany tenan’izy ireo. Nisy olona iray nilaza hoe: “Raha te ho any an-danitra ianao, dia tsy maintsy mianatra miteny hoe tsia.” Izany no marina. Nilaza i Paoly fa tsy maintsy manapa-kevitra isika ary mijoro tsara manohitra ny ota. Fa na ny ota na i Satana dia samy afaka manavaka ny hoe rehefa miteny fotsiny isika sy ny tena tiantsika lazaina. Tsy maintsy manambara ireo teny ireo amim-pandresen-dahatra isika. Avy eo, amin’ny alalan’ny finoana an’i Jesosy, dia afaka amin’ny fahefan’ny ota ny sitrapontsika. Lasa andraikitsika avy eo ny mampihatra tsara ny sitrapontsika. Tsy handeha hanao izany ho antsika Andriamanitra. Io no teboka tsy maintsy ahafantarantsika ny andraikitsika hanarahana maso ny sitrapontsika.

Misaotra Anao, Jesosy ô , noho ny amin’ny Fandresenao teo amin’ny hazo fijaliana. Mijoro aho ankehitriny ary

© 2008 - Dries Du Plessis

manambara fa ny ota sy Satana dia tsy manan-kery ary tsy mitaky amiko. Manambara aho fa ny momba ny tenako, ny ratsam-batako, dia fitaovan'ny fahamarinana, milefitra ho an'Andriamanitra ho amin'ny Andraikiny sy ho Voninahiny, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-064-MLG
Nohavaozina farany: 05 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

